# OLANA SY FAHAVOAZANA MARO SAMIHAFA












"Ary tsy izany ihany, fa aoka isika hifaly amin'ny fahoriana aza, satria fantatsika fa ny fahoriana mahatonga faharetana; ary ny faharetana mahatonga fahatsaram-panahy voazaha toetra; ary ny fahatsaram-panahy voazaha toetra mahatonga fanantenana; ary ny fanantenana dia tsy mampahamenatra, satria ny Fanahy Masina, Izay nomena antsika, no nentiny nampidina ny fitiavan'Andriamanitra ho ao am-pontsika"

(Romana 5:3-5)





Velona ao anatin'ny tontolo feno fahotana sy fahoriana isika. Miatrika zava-tsarotra izay mety hahatonga antsika hisalasala mihitsy ny amin'ny fitiavan'Andriamanitra.

Inona no ataontsika rehefa tojo zava-tsarotra isika?

Hodinihintsika ny fomba niatrehan'ireo olona sasany ao amin'ny Baiboly ireo olana sy fahavoazana samihafa, ary ny fomba anampian'ny ohatra nasehon'izy ireo antsika hiatrika toe-javatra toy izany.

Ny tafio-drivotry ny fiainana



Aretina



Loza




Fahadisoam-panantenana




Mahita an'i Jesosy





# NY TAFIO-DRIVOTRY NY FIAINANA

"Ary nisy tafio-drivotra mahery, ary nianjerazeran'ny alondrano ny sambokely ka nila ho feno rano" (Marka 4:37)



Tsy zava-baovao ho an'i Petera, Andrea, Jakoba ary Jaona, izay mpanarato za-draharaha, ny fiampitana ny Ranomasin'i Galilia amin'ny misasak'alina, na dia ao anatin'ny tafio-drivotra aza.

Saingy, nanafotra azy ireo ny tafiotra. Nampiakatra ny alondrano ny rivotra, dia nameno rano ny sambo ka notandindomin-doza ny ain'izy ireo. Tonga saina tampoka izy... Aiza i Jesosy? Matory ve? Nahoana no tsy manampy antsika Izy? Tsy miraharaha izay manjo antsika ve Izy? (Marka 4:35-38).



Mandalo tafiotra isika eo amin'ny fiainantsika. Mangataka fanampiana amin'i Jesosy isika, nefa toa matory Izy. Tsy mahatsapa ny fanatrehany isika. Eo anefa Izy.




Miandry ny fotoana hitenenana mafy ny tafiotra misy antsika: "Mangina, mitsahara" (Marka 4:39). Miahy antsika Izy (1 Petera 5:7). Afaka mampitony ny tafiotra eo amintsika Izy. Aza adino ny midera Azy rehefa manao izany Izy (Marka 4:40-41).

# ARETINA

"Fa hoy izy: "Na dia ny fitafiany ihany aza no voatendriko, dia ho sitrana aho' " (Marka 5:28)



Narary nandeha ra nandritra ny roa ambin'ny folo taona nefa tsy nahita dokotera afaka nanasitrana azy ity vehivavy ity, ka lany fananana sy tsy nanana fanantenana intsony (Marka 5:25-26). Ankehitriny, misy firenena izay tsy maimaim-poana ny fitsaboana, ka mbola tena zava-misy iainana io tantara io.



Na ahoana na ahoana, dia mety miatrika toe-javatra izay mangeja sy manepotra ny aretina isika, nefa tsy mahita fanamaivanana.

Hitan'ilay vehivavy teo amin'i Jesosy ny vahaolana, ary ny finoany no namonjy azy (Marka 5:27-29).



Tsy maintsy matoky isika fa afaka mampiasa dokotera mahay i Jesosy hanasitrana antsika, na koa hanao fahagagana amintsika.



Na ahoana na ahoana, dia manasa antsika hametraka eo Aminy ny enta-mavesatsika sy ny fanahiantsika rehetra i Jesosy (Mat. 11:28-30).


# LOZA

"Ary rehefa levona ny hoditro, izao simba izao, dia hahita an'Andriamanitra amin'ny nofoko aho." (Joba 19:26)



Nanova tanteraka ny fiainan'i Joba ny ady, herisetra, ary loza voajanahary (Joba 1:13-19). Isika rehetra dia tratran'ny loza, na voajanahary izany na vokatry ny faharatsiana manjaka eto amin'izao tontolo izao.

Ahoana no hataontsika? Nanao ahoana ny fihetsik'i Joba?



- Tsy nanome tsiny an'Andriamanitra izy sady tsy nanda Azy
- Nifikitra taminy tamin'ny heriny rehetra izy
- Natoky izy na dia tao anatin'ny fotoana maizina indrindra aza
- Nihevitra ny hoavy be voninahitra izy (Joba 19:25-27)

Raha tsy kivy isika, dia ho hitantsika fa na dia ao anatin'ny fitsapana mafy indrindra aza dia eo foana Andriamanitra. Tia antsika izy ary mampahery antsika mba hanovo hery avy amin'ny fahalemena, ny herim-po amin'ny fahakiviana, ary ny fanantenana amin'ny loza (Joel 3:10; Rom. 5:3-5).

Raha mandalo fotoan-tsarotra ianao dia hevero fa ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fiahian'Andriamanitra anao no zavatra azo antoka sy maharitra indrindra eo amin'ny fiainanao.

# FAHADISOAM-PANANTENANA




"Nefa nantenainay fa Izy no Ilay efa hanavotra ny Isiraely..." (Lioka 24:21a)




Ny fanantenana: Jesosy no Ilay Mesia hanavotra ny Isiraely. Ny zava-misy: maty Izy (Lioka 24:18-21).

Lehibe loatra ny fahadisoam-panantenany ka sarotra ho azy ireo ny hanaiky na dia ny porofo mazava indrindra ny amin'ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty aza (Lio. 24:22-24).

Tamim-paharetana no nanampian'i Jesosy azy ireo hanana fanantenana indray. Farany dia "nahiratra ny mason'ireo" (Lioka 24:31), ka nihazakazaka hampahery ireo izay mbola diso fanantenana (Lioka 24:32–35; 2 Korintiana 1:4). Inona no azontsika ianarana avy amin'ny fanandraman'izy ireo?

- Tsy tokony hamela ny fisalasalana hamaka ao an-tsaintsika isika
- Miara-mandeha amitsika ao anatin'ny fahadisoam-panantenana i Jesosy
- Handamina ny fahasahiranantsika Izy, raha avelantsika hanao izany
- Jesosy no mahafantatra tsara kokoa ny tena zava-misy noho isika

# MAHITA AN'I JESOSY

"Fa ataoko fa ny fahoriana amin'izao andro ankehitriny izao dia tsy tokony hoharina amin'ny voninahitra izay haseho amintsika." (Romana 8:18)

Raha tao anatin'ny fahakiviana lalina i Ellen G. White, dia nahazo fahitana izay nahitany an'i Jesosy.

Takany avy hatrany fa fantany avokoa ireo toe-javatra teo amin'ny fiainany. Tamin'ny fotoana iray, dia nametraka ny tanany teo amin'ny lohany i Jesosy, ka niteny taminy hoe: "Aza matahotra."

Nahita voninahitra lehibe izy, ka nahatsapa ho teo amin'ny toerana azo antoka sy feno fiadanan'ny lanitra.

Nanome fanantenana sy finoana ho azy io nofy io, ary ny fahazoana antoka fa afaka mitoky amin'Andriamanitra izy.



"Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo." (Romana 8:28)

"Aza manahy na inona na inona; fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra. Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy." (Filipiana 4:6-7)

"Ry rahalahiko, ataovy ho fifaliana avokoa, raha iharan'ny fakam-panahy samy hafa ianareo, satria fantatrareo fa ny fizahan-toetra ny finoanareo dia mahatonga faharetana. Ary aoka ny faharetana hisy asa tanteraka, mba ho tanteraka sy tonga ohatra ianareo, ka tsy hisy tsy ampy na inona na inona [...] Sambatra izay olona maharitra fakam-panahy; fa rehefa voazaha toetra izy, dia handray ny satro-boninahitra fiainana, izay nolazain'ny Tompo homena izay tia Azy." (Jakoba 1:2-4, 12)



"Nefa hoy Izy tamiko: "Ampy ho anao ny fahasoavako; fa ny heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena." Koa mainka sitrako ny hirehareha amin'ny fahalemeko, mba hitoeran'ny herin'i Kristy amiko." (2 Korintiana 12:9)

“Eo amin'ny fiainan'ny olona rehetra, dia misy fotoana tsy ahazoa-manao na inona na inona, sy isehoan'ny fahakiviana tanteraka, ary indraindray aza dia safotry ny alahelo isika, ka toa tsy ho azontsika atao ny mino fa ny Tompo dia mbola mpanasoa ny zanany ihany; ary misy koa andro izay itambesaran'ny fijaliana amintsika, hany ka aleontsika mifidy ny ho faty toy izay ho velona. Amin'izay indrindra no ialan'ny fahatokian'ny olona maro an'Andriamanitra sy ilentehany lalina ao amin'ny fisalasalana sy ny tsy finoana. Koa raha tahiany ka haintsika ny mamantatra ny hevitry ny lalana itondran'Andriamanitra antsika amin'izay, dia ho hitantsika ireo anjely miezaka hanafaka antsika amin'ny tenantsika, ka hanatanjaka ny tongontsika eo amin'ny fanorenana tsy azo nohozongozonina, mafy lavitra noho ny havoana mandrakizay; ary amin'izay dia hamelombelona ny tenantsika manotolo ny finoana sy ny risi-po vaovao.”

EGW (Mpaminany sy Mpanjaka, p. 130)